INO MALAZA

ATD QUART MONDE MADAGASCAR

N° SPECIAL 17 OCTOBRE 2015 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

**MATOANDAHATSORATRA**

Nanomboka ny 17 Oktôbra 2014 ka hatramin'ny 17 Oktôbra 2015 dia mankalaza ny tsingerin-taona faha-25 niorenany ny Fikambanana ATD Quart Monde Madagasikara. Amin'ity taon-jôbily ity dia eo an-dalam-pieritreretana ny fametrahana tsangambato eto Antananarivo, miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka isika ho fanomezam-boninahitra ireo maty nianjadian'ny fahantrana lalina. Tsangambato no fandre kokoa amin'ny fomba amam-panao eto Madagasikara fa tsy takela-bato. Matetika ny tsangambato dia atao ho fahatsiarovana olona iray na toerana iray na hanambaràna asa na zava-bita na tsingerin-taona. Fa ankoatra ireo dia mety hanana ny heviny manokana ihany koa satria toeram-pivoriana na toeram-pivavahana, toeram-pifandraisan'ny velona samy velona sy velona sy ny maty (ny razana) ihany koa. Io Tsangambato io dia toeram-pahatsiarovana, fivoriana, fifandraisana, fandraisam-pitenenana sy fanaovana antso avo noho ny tsy rariny ateraky ny fahantrana lalina, fa filazana ny herim-po sy finiavan'ny fianakaviana manoloana ny herisetran'ny fahantrana mianjady amin'izy ireo isan'andro ihany koa.

*Notsoahina tamin'ny diniky ny sokajy loha miara-mandinika- Fihaonana isan-telo volana ny 15/06/14 Teny Ambohibao*

**17 OKTOBRA:** ***ANDRO IRAISAM-PIRENENA ANDAVANA NY FAHANTRANA LALINA***

**Fanehoana an-kapobeny:**

*Ny **Andro Iraisam-pirenena Andavana ny Fahantrana lalina** dia ankalazaina isaky ny 17 Oktôbra. Teraka avy tamin'ny finiavan'i Mompera Josefa sy ireo olona antapitrisany avy amin'ny sokajim-piaraha-monina maro samy hafa tafavory teo amin'ny Kianjan'ny Zon'Olombelona tao Paris tamin'ny 1987. Io andro io dia nankatoavin'ny Firenena Mikambana nanomboka ny taona 1992.*

## *Nahoana no misy Andro Iraisam-pirenena Andavana ny Fahantrana lalina ?*

- **Mba handrenesana ny feon'ireo mahantra faraidiny :** Io Andro Iraisam-pirenena Andavana ny Fahantrana lalina io no mba andraisan'izy ireo fitenenana amin'ny tsy rariny iainany sy ny fanoherany izany isan'andro ary mba hilazany ny hetahetany. Tsy afa-mandresy ny fahantrana lalina isika raha tsy miaraka amin'ireo ianjadian'izany.
- **Mba hanetsiketsehana ny olom-pirenena sy ireo tompon'andraiki-panjakana :** Ny fahantrana lalina dia fanosihosena ny Zo fototra maha-olona ny olona. Tsy lahatra izy io ary azo atao tsara ny miady aminy sy mandresy azy, toy ny natao tamin'ny fanandevozana sy ny fanavakavaham-bolon-koditra. Manainga ny rehetra hahatsapa ny hoe fomba ahoana no ahafahan'ny tsirairay manao hetsika, any amin'izay toerana misy azy any.
- **Toeram-pamaharana amin'ny ady faran'izay mafy anoherana ny fahantrana lalina :** Ny ATD Quart Monde, angady nanana io andro io, dia mirary koa raha mirary ny hielezan'ny hevitra notovozina avy tamin'ny hafatra voarakitra eo amin'io Takela-bato io noho ny finiavan'ireo fikambanana, olom-boafidy, olom-pirenena. Ataon'ny ATD Quart Monde izay hampisy akony manokana, miaraka amin'ny hafa, io andro io, mba ho fanomezam-boninahitra ireo olona maty noho ny fahantrana lalina sy ho fanetsiketsehana ireo mpiaro ny Zon'Olombelona rehetra. Amin'io foto-kevitra io, ny 17 Oktôbra dia toeram-pamaharana ho an'ny hetsika fandavana ny fahantrana lalina mandavan-taona.



**Fifandraisana:** mada@atd-quartmonde.org **– 034 14 910 41 – 034 08 680 40**

- **Manao izay hampitomboana ny finiavana rehetra :** Io andro io no fotoana ahazoantsika rehetra, olom-pirenena, olom-boafidy, fikambanana, mampiasa izay fomba rehetra ilaina mba hampanajana ny zon'ny tsirairay.

## NY TAKELA-BATO AO TROCADERO PARIS

**Tantara, soatoavina, ary hevitry ny Takela-bato**

Betsaka ireo toerana eran'izao tontolo izao izay nisy fianakaviana tena sahirana, niaina nandritra ny taranaka maro nifandimby, no foana tanteraka ary dia foana niaraka tamin'izany koa ny tantaram-piainan'ny olona nonina teo. Noho ny fahatsapan'i Joseph WRESINSKI mpanorina ny Fikambanana ATD Quart Monde izany, dia nametraka takela-bato teo amin'ny Kianjan'ny Fahafahana sy ny Zon'Olombelona tao Trocadéro Paris izy ny 17 Oktobra 1987. Toy izao no voasokitra ao amin'io takela-bato io:




***"Ny 17 Oktôbra 1987, mpiaro ny Zon'Olombenona sy olom-pirenena eran'ny vazantany no tafavory teo amin'io kianja io. Nanome voninahitra ireo olona matin'ny hanoanana, ny tsy fahalalana, ary ny herisetra izy ireo. Nohizingizininy ny fahareseny lahatra fa "tsy lahatra ny fahantrana". Nataony antso avo ny firaisan-kinany amin'ireo miady manerana an'izao tontolo izao mba hamotika izany fahantrana izany.***

***"Na aiza na aiza misy olona miaina anaty fahantrana lalina dia voahosihosy ny zon'Olombelona. Adidy masina ny mivondrona mba hampanajana izany Zo izany"***

*Joseph Wresinski*

Nanomboka ny 17 ôktôbra 1987 dia nankalazaina isan-taona io daty io ho fanomezam-boninahitra ireo olona rehetra miaina ao anaty fahantrana lalina. Amin'io no mba fotoana andraisany fitenenana, ilazany ny hetahetany manoloana ny hoaviny, ny fanantenany sy ny herim-po ananany. ***Notapahin'ny Fivondronam-Ben'ny Firenena Mikambana ho Andro Iraisam-Pirenena Amongorana ny Fahantrana io daty io ny taona 1992.*** **Mila ny fivondronana sy ny firaisankinan'ny rehetra mandavan-taona ny ady amin'ny fahantrana satria adidy masina izany.**

## TAON-JÔBILY

***Ao anatin'ny fankalazana ny faha-25 taona ihany dia maro ny fihaonana sy fanentanana natao ho fampahafantarana ny Toetsain'ny Fikambanana ATD Quart Monde, ny Andro Iraisam-pirenena Andavana ny Fahantrana lalina, ny hevitry ny Takelabato ary ny firotsahan'ny olom-pirenena :*** Fomba iray enti-mamaly io hampom-po io ity gazety Ino Malaza manokana ity

**- Ny 17 Febroary 2015 : Varavarana misokatra teny amin'ny MMM Andranomena :**
***Nahatsiaro tena ho mitovy amin'ny hafa ity lehilahy iray tamin'ny fandalovany teny amin'ny MMM fa afaka miahy ny ankohonany. Manana fahamendrehana eo imason'ny mpiara-monina indray, satria manana zavatra atao. "Nitovy tamin'ny olona sasany manana anton'asa izahay"*** hoy izy.





**Fifandraisana:** mada@atd-quartmonde.org **– 034 14 910 41 – 034 08 680 40**

**- Aprily 2015 tolakandro: Fotoana tsy manan-tsahala tany Mahajanga**



Olona 18 no niaina izany ka 3 mpirotsaka an-tsitrapo avy any Antananarivo. Ilay Vidéo mitondra ny lohateny hoe " *"Ny fahantrana lalina dia herisetra "* izay narahina fifanakalozan-kevitra ka nipoiran'ireto hevitra maro ireto hoe: *"Hita amin'ny toerana rehetra ny fahantrana lalina saingy miseho amin'ny endriny samy hafa".* **Fifampizaràna** *: "Mahavaky fo ny fahantrana lalina".* **Hetaheta** : *"Enga anie mba ho tafiditra an-tsekoly avokoa ny ankizy rehetra"* . **Fanontaniana sy tsy fahampian-kery :** *"Ahoana no fomba ary amin'iza no hitarainana?".* **Faharesen-dahatra :** *"Anisan'ny fomba iray ihoarana ny fahantrana lalina ny Fanabeazana" "mahantra izahay, saingy afaka miray hina amin'ny hafa" : "Azo iadiana ny fahantrana"*


**- Ny 25 Marsa 2015: fihaonana tamin'ny mpianatra ao amin'ny Lycée français:**

Sokajy kely iray dia i Naina (tanora), i Vahy (namana mpiara-dia), ary Prisca, Guillaume sy Lamine (mpirotsaka an-tsitrapo) no nandeha tamina kilasy iray tao amin'ny Lycée français eny Ambatobe mikasika ny lohahevitra hoe : *"Fomba iray azo iadiana amin'ny fahantrana lalina ny fanentanana ara-kolon-tsaina".*



- Niaiky ny herim-pon'i Naina ny mpianatra tamin'ny fijoroana vavolombelona nataony, fa na eo aza ny fahasahiranany dia mbola mahita fotoana ho an'ny hafa ihany izy. Fa namaly i Naina hoe "nahita soa tamin'ny fampamakiam-boky an-kalamanjana aho ka tiako koa ny hanao toy izany ho an'ny hafa".

**- Ny 12 sy 13 Jiona 2015 : Fanentanana natao teny amin'ny Kartie: Andramiarana sy Antohomadinika**



- Fotoana tsy manan-tsahala ny fampisehoana sary sy peta-drindrina izay fitaovana tsara nahafahana nifampizara. Nirehareha ery ny mponin'Andramiarana nahita ny sarin'ny olona eny amin'ny kartie misy azy sady nandinika fatratra an-dry zareo. Ny maso variana, ny tanana nanondro ny andalana sy ny andininy tamin'ilay peta-drindrina. Ireo raim-pianakaviana sy renim-pianakaviana vitsivitsy, nijoro tao aoriana, toa nahatsiaro sambatra ery, naheno ny vakiteny mafy nampisy lanjany iny fotoam-panentanana iny.



**Fifandraisana:** mada@atd-quartmonde.org **– 034 14 910 41 – 034 08 680 40**

- **Ny 25, 26, 27 sy 28 Aogositra: fety anaovana fifampizaram-pahaizana amam-pahalalàna ary zava-kanto teto Antananarivo niaraka tamin'ny mpikambana ao amin'ny toerana telo: Toliara, Mahajanga ary Antananarivo**






- **Ny 29 Aogositra, andron'ny fianakaviana teny Ambohimalaza:**
  **nasehon'ny mpikambana tamin'ny alalan'ny sary hosodoko ny zavatra tsapany, niainany, ary nanohina azy tao anatin'ny 25 taona nisian'ny Fikambanana teto Madagasikara**



- **Ny 6 Oktôbra tamin'ny 9 ora: fotoana tsy manan-tsahala teny Ambohibao**, fandefasana sarimihetsika mitondra ny lohateny hoe: ***"Joseph l'insoumis"*** niarahan'ny mpikambana mivondrona ao amin'ny fiaraha-monim-pirenena misahana ny ankizy.

- **Fankalazana ny 17 Oktôbra**, Andro Iraisam-pirenena Andavana ny fahantrana lalina eo amin'ny Kianjaben'ny Lapan'ny Tanànan'Antananarivo Analakely mikasika ny lohahevitra hoe:

  ***"Manorina hoavy maharitra:***
  ***Mivondrona mba hamongotra ny fahantrana sy ny fanavakavahana"***

- **Zoma 16 Oktôbra 2015 amin'ny 9ora – 4ora**:

Fifampisarana roa mikasika ny ***"Fahasalamana"*** ny maraina ary ny ***"Fanabeazana mahomby"*** ny tolakandro.

- **Asabotsy 17 Oktôbra 2015:**

Fankalazana ny Andro Iraisam-pirenana Andavana ny Fahantrana lalina amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelon'ireo olona miaina ao anaty fahantrana lalina ny maraina ary fifampizarana momba ny ***"Fiofanana arak'asa sy fahazoana asa"*** miara-mivondrona ao amin'ny DCTP na *(Développement de Compétence Technique et Professionnelle)* ny tolakandro.

Mandritra ireo andro roa ireo dia samy misy varavarana misokatra andraisan'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny ady atao amin'ny fahantrana lalina anjara sy fanentanana samihafa.



**Fifandraisana:** mada@atd-quartmonde.org **– 034 14 910 41 – 034 08 680 40**